TOEKARENA SY FITANTANAM-BOLA
ECONOMIE et FINANCES Newsletter
MADAGASIKARA
FÉVRIER 2025

MINISTERE DE L'ECONOMIE ET DES FINANCES • TOEKARENA SY FITANTANAM-BOLA
MEF



# African Leadership Persons of the Year Awards : Madagascar au sommet

AFRICAN LEADERSHIP PERSONS OF THE YEAR
...Rewarding Innovation, Enterprenuership & Developement in Africa

Le Président de la République, Son Excellence Monsieur Andry RAJOELINA a reçu le 22 février 2025, à Casablanca le prix du « Leader politique africain de l'année » devant les Présidents Seychellois et Congolais.

Cette 14è cérémonie de l'African Leadership Magazine (ALM) a été l'occasion pour le Président de la République de marquer ses ambitions et projets pour la Grande Ile et pour l'Afrique. Il a d'ailleurs précisé que «Ce trophée n'est pas une finalité, mais une motivation pour continuer à bâtir, à innover et à transformer mon pays».

Notons que cette cérémonie est un événement annuel phare du magazine African Leadership, qui se tient depuis 13 ans et réunit des décideurs politiques, des dirigeants du secteur privé, des leaders de la société civile, des leaders d'opinion et toutes les parties prenantes de toute l'Afrique et du reste du monde pour discuter des questions relatives à la croissance et au développement socio-économiques de l'Afrique. L'événement est également devenu une plate-forme prestigieuse pour honorer le leadership centré sur les personnes et les Africains qui poursuivent un programme panafricain dans leurs domaines d'activité choisis.

Heni-boninahitra I Madagasikara tany Mariott, Casablanca ny 22 febroary 2025 lasa teo rehefa notolorana ny mari-pankasitrahana « Leader politique africain de l'année » ny Filoham-pirenena, Andriamatoa Andry RAJOELINA. 65,69% no salan'iza azon'ny Filoha Andry Rajoelina, ny Filohan'i Seychelles Wavel Ramkalawan kosa dia nahazo 20,48% ary ny Filohan'i RDC Félix Tshisekedi kosa dia 13,83%.

Nanambara izy arak'izany fa tsy ho azy irery izao fandresena izao fa reharehan'ny Malagasy rehetra ihany koa. Ary "mariky ny finiavantsika hivoatra sy handroso sady fampahatsiahivana ireo dingana efa vitantsika sy ireo fanamby mbola miandry antsika."

Marihina fa anisan'ireo mason-tsivana handrafetana ireo izay ho fidiana hahazo ity marim-pankasitrahana ity ny fanana vina sy drafitra mazava ho fampandrosoana ny fireneny, ny fivohizana ny fiaraha-miasa eo amin'ny firenena afrikanina ary ny fiarovana ny tombontsoan'i Afrika eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena.

# Table ronde sur « l'intégration régionale et de la coopération au développement »

Le Ministre de l'Economie et des Finances, Madame Rindra Hasimbelo RABARINIRINARISON a eu l'honneur de présider et de modérer, le 21 février 2025, toujours à Casablanca, dans le cadre des African Leadership Persons of the Year Awards (POTY 2024) , une table ronde sur « l'intégration régionale et de la coopération au développement – les principaux moteurs de la croissance durable et de la transformation économique de l'Afrique" ».

Ce forum a permis de :
- Examiner les stratégies d'intégration régionale pour éliminer les barrières commerciales, renforcer les liens économiques et favoriser un front uni sur les marchés mondiaux.
- Renforcer les partenariats de développement, notamment comment combler les lacunes en matière d'infrastructures et promouvoir la finance durable.
- Mettre en place un dialogue politique et des plans d'action pour transformer les discussions politiques en résultats mesurables dans le but d'élaborer une transformation socio-économique de l'Afrique.

Notons également qu'en 2023, Madame Rindra Hasimbelo RABARINIRINARISON a déjà été lauréate de l'ALM en tant que « African Minister of the year ».

## Fivoriana an-databatra boribory mahakasika an'i Afrika.

Mbola tao anatin'ny fivoriana izay karakarain'ny African Leadership Magazine ihany, dia isan'ny voaasa hitarika sy handrindra fivoriana an-databatra boribory izay niompana amin'ny "fiaraha-miasa eto Afrika sy ny fiaraha-miasa eo amin'ny samy firenena Afrikana" ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, Ramatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo ny 21 Febroary 2025. Ity farany izay tsiahivina fa efa voafidy ho "African Minister of the year" ny taona 2023.

Novoaboasana nandritra izany fivoriana izany ny fiaraha-mandrindra eo amin'ny samy firenena afrikana mba ahafahana hanatsara ny fifandraisana sy hampandroso ireo samy firenena afrikana. Samy nandray anjara fitenena tao ireo tompon'andraikitra ara-toekaren'ny firenena afrikana vitsitsy ka nanome ohatra eo amin'ny karazana fiaraha-miasa mjsy. Eo ny fiaraha-miasa ara-toekarena, ara-kolontsaina, ara-politika, ara-tsosialy sy ny fotodrafitrasa







FOCUS

# WORLD GOVERNMENTS SUMMIT

Dubaï 2025

# Sommet Mondial des Gouvernements

## ...qu'est-ce que c'est exactement ?

The World Government Summit (WGS) ou Sommet Mondial des Gouvernements est une organisation à but non lucratif dédiée à façonner l'avenir des Gouvernements en se concentrant sur l'innovation et la technologie pour relever les défis humains mondiaux. Établi en 2013, il est dirigé par Cheikh Mohammed bin Rashid Al Maktoum, Vice-Président et Premier Ministre des Émirats Arabes Unis. Comme son nom l'indique, ce sommet réunit des Gouvernements, des Organisations Internationales, des leaders et des innovateurs du Secteur Privé afin d'inspirer et d'autonomiser la prochaine génération de Gouvernements.

Cette année, sous le thème « **Façonner les Gouvernements de demain** », le sommet s'est tenu à Madinat Jumeirah, Dubaï les 11, 12 et 13 Février en présence d'une trentaine de chefs d'Etat, de 140 Délégations gouvernementales, de 80 organisations internationales, dont la Banque Africaine de Développement (BAD) et le Fonds Monétaire International (FMI), en présence de plus de 6000 participants.

Les discussions ont tourné autour de six thématiques bien distincts :
- Gouvernance efficace et responsabilisation ;
- Financer l'avenir et l'économie mondiale ;
- Climat, atténuation des crises et villes résilientes ;
- Avenirs centrés sur l'humain et renforcement des capacités ;
- Transformations de la santé mondiale ;
- Frontières émergentes et avenir.

## Fanazavana fohy mahakasika ny Fihaonamben'ny Governemanta Iraisam-pirenena na *World Government Summit*

Ny Fihaonamben'ny Governemanta Iraisam-pirenena (WGS) dia fikambanana tsy mitady tombontsoa manokana, izay entina mamolavola ny hoavin'ireo Governemanta amin'ny alàlan'ny fifantohana amin'ny fanavaozana sy ny teknolojia hamahàna ny fanambin'ny olombelona maneran-tany. Noforonina tamin'ny taona 2013 ny WGS ary ny Sheikh Mohammed bin Rashid Al Maktoum, izay Filoha lefitra sady Praiminisitra ao amin'ny Emira Arabo Mitambatra, no mitarika azy ankehitriny. Ity fihaonam-be ity dia mampivondrona ireo Governemanta, ireo fikambanana iraisam-pirenena, ireo mpitarika sy ireo mpanavao amin'ny sehatra tsy miankina mba hanentana sy hampahaleo tena ireo Governemanta any aoriana.

Ho an'ity taona 2025 ity dia niompana tamin'ny "**Famolavolana ny Governemanta ho an'ny ampitso**" no lohahevitra nosafidiana, ary notontosaina tany Dubaï ny fihaonana ny 11, sy 12 ary 13 febroary lasa teo. Nahatratra 30 mahery ireo filoham-panjakana nanatrika izany niampy ireo delegasiona 140 avy amin'ireo governemanta samihafa sy fikambanana ieaisam-pirenena maherin'ny 80. Tsy adino ireo vondrona avy amin'ny sehatra tsy miankina sy ireo mpanatrika efa maherin'ny 6000.

Lohahevitra enina no nifantohan'ireo karazana fivoriana sy adihevitra :
- Fitantanana mahomby sy fandraisana andraikitra;
- Famatsiam-bola ny ho avy sy ny toekarena maneran-tany;
- Toetrandro, fanalefahana ny krizy ary tanàna miharina;
- Ny hoavy mifototra amin'ny maha-olombelona sy ny fanamafisana ny fahaiza-manao;
- Fanovana ny fahasalamana maneran-tany;
- Ny dingana hirosoana sy ny hoavy.

# Participation active de Madagascar au WGS

***La délégation malgache, dirigée par le Président de la République, Son Excellence Monsieur Andry RAJOELINA a activement participé au WGS. En effet, les Ministres, dont celle de l'Economie et des Finances, ont pris part à des discussions spécifiques liées à leurs domaines respectifs.***



TABLE RONDE SUR L'ATTÉNUATION DES CRISES : MADAGASCAR PORTE SA VOIX VIA LE MINISTRE DE L'ECONOMIE ET DES FINANCES

Pour le Grand Argentier, Madame Rindra Hasimbelo RABARINIRINARISON, sa contribution était sa présentation lors d'une table ronde sur la manière de gérer les crises qui frappent les pays. En effet, elle a présenté les stratégies gouvernementales prises lors de la gestion de :

- La *crise du COVID-19*, où le pays a utilisé le "COV DATA" pour obtenir de l'aide internationale, ainsi que des "Social Safety Nets" pour obtenir un soutien de la communauté internationale.
- La *crise des prix du pétrole*, due à la guerre en Ukraine, avec une augmentation des prix du pétrole de 55 à 83 dollars en Janvier 2022, atteignant 112 dollars en Mars 2022.
- Les *crises liées aux catastrophes naturelles*, avec cinq cyclones en 2022, entraînant une baisse du PIB de 4.8%.

## Madagasikara sy ny WGS

Nahazo fanasana tamin'ity Fihaonambe ity i Madagasikara ka nitarika ny delegasiona tamin'izany ny Filohan'ny Repoblika, Andriamatoa Andry RAJOELINA.

Nandray anjara mavitrika tamin'ireo karazana dinika nisy tao ireo Minisitra nandrafitra ny delegasiona, ka isan'izany ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, Ramatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo izay nandray tamin'ny dinika an-datambatra boribory momba ny fitantanana ny krizy mihatra amin'ny firenena tsirairay.

Nizara ny traikefa sy ny fomba nitantanan'ny fitondram-panjakana Malagasy ireo krizy lehibe natrehan'I Madagasikara izy nandritra izany fotoana izany. Ary notsindriany manokana ny :

- *krizy COVID-19* izay nampiasana ny "COV DATA", mba ahazoana ireo fanampiana tamin'ny sehatra iraisam-pirenena, eo ihany koa ny "Social Safety Net" mba ahazoana fanampiana eo amin'ny fiaraha-monim-pirenena;
- *krizy tamin'ny fiakarana vidin'ny solika*, nohon'ny ady tany Ukraine, izay nampiakarana ny vidin-tsolika 55 ka hatramin'ny 83 dolara tamin'ny Janoary 2022, nahatratra 112 dolara tamin'ny Martsa 2022.
- *krizy nateraky ny loza ara-boajanahary* tamin'ny fisian'ny rivo-doza izay niisa 5 ny taona 2022 ka nahatonga ny tahan'ny harikarena faobe ho 4,8%.



## En marge du WGS :

# Renforcement de la coopération entre Madagascar et les Emirats Arabes Unis

Madagascar a signé un accord de coopération pour renforcer les relations économiques, commerciales et industrielles avec les Émirats Arabes Unis. Avant cette signature, le Président Andry RAJOELINA a rencontré le Ministre des Affaires étrangères des Émirats Arabes Unis, Sheikh Shakhboot Nahyan Al Nahyan. Ce dernier a invité SEM le Président de la Grande-île à une visite officielle en Mai 2025.
Cette invitation comprend également une visite pour encourager des initiatives conjointes entre les secteurs public et privé des deux Nations.






# La volonté de la BADEA d'aider Madagascar

Les projets du Président Andry RAJOELINA ont reçu une reconnaissance particulière de la Banque Arabe pour le Développement Economique en Afrique (BADEA), y compris l'autoroute Antananarivo-Toamasina, que le Président de la BADEA, Sidi Ould Tah, considère comme révolutionnaire. Cette banque prévoit (i) de financer la deuxième partie de l'autoroute, (ii) de donner la priorité à la production d'énergie à partir de barrages et de l'énergie solaire, ainsi que (iii) contribuer financièrement au projet « Route du Soleil » reliant Soanierana Ivongo et Vahibe, qui est incluse également dans le projet du Président de la République.

## Ankoatra ireo fivoriana samihafa dia nisy ny :

Fihaonana teo amin'ny Filoham-pirenena Andry RAJOELINA sy ny Minisitry ny Raharaham-bahiny ao amin'ny Emira Arabo Mitambatra, Sheikh Shakhboot Nahyan Al Nahyan. Nanasa ny Filoha Malagasy hanao fitsidihana ofisialy any an-toerana ny volana mey ho avy izao ity farany. Tafiditra ao anatin'ity fanasana ity ihany koa ny hamporisihana ny fiaraha-miasa eo amin'ireo sampandraharaham-panjakana sy ny Sehatra tsy miankina eo amin'ny Firenena roa tonta.

Fifanaovan-tsoniam-piaraha-miasa teo amin'I Madagasikara sy ny Emira Arabo Mitambatra izay miompana amin'ny fanamafisana ny fifandraisana ara-toekarena, sy ara-barotra ary ara-indostria eo amin'ny roa tonta.

Fihaonana teo amin'ny Filoham-pirenena Malagasy sy ny Filohan'ny Banky Arabo misahana ny fampandrosoana ara-toekarena aty Afrika (BADEA), Andriamatoa isany Andry RAJOELINA sy Sidi Ould Tah sy Andry RAJOELINA. Fotoana izay nanoloran'ity farany fankasitrahana manokana an'I Madagasikara amin'ny fisian'ireo tetikasan'ny Filoham-pirenana, indrindra ny lalam-be mikodana hampifandray an'Antananarivo sy Toamasina. Mampanantena arak'izany ny BADEA fa (i) hamatsy vola ny tapany faharoa amin'ity tetikasa ity, (ii) hanao ho laharam-pahamehana amin'ny famokarana angovo avy amin'ny toho-drano sy ny angovo azo avy amin'ny masoandro, ary (iii) koa ny tetikasa "Route du Soleil" mampitohy an'i Soanierana Ivongo sy Vahibe, izay tafiditra ao anatin'ny tetikasan'ny Filohan'ny Repoblika hatrany.








# La collaboration entre Madagascar et la Banque Mondiale continue

**Antaninarenina, 17 Février 2025**

Dans le cadre du partenariat stratégique avec la Banque Mondiale, une réunion de travail a eu lieu entre les Représentants des Ministères sectoriels bénéficiant d'appui budgétaire de la Banque Mondiale d'une part et avec l'équipe de la Banque Mondiale conduite par le Représentant Résident de la Banque à Madagascar Monsieur Atou SECK ; et celle du Ministère de l'Economie et des Finances dirigée par Madame le Ministre Rindra Hasimbelo RABARINIRINARISON de l'autre. Cette rencontre a porté sur le second décaissement d'appui budgétaire pour une croissance équitable et résiliente pour la Grande-île également connue sous le nom de Madagascar Equitable and Resilient Growth 2 (MERG 2).

Il convient de noter que l'aide financière fournie par la Banque Mondiale est répartie en trois séries. Actuellement, les démarches pour le deuxième décaissement sont en cours.

## Mitohy ny fiaraha-miasan'i Madagasikara sy ny Banky Iraisam-pirenena

***Antaninarenina, 17 Februbary 2025***

Nihaona tamin'ireo solontenan'ireo Minisitera isan-tsokajiny izay nahazo fanohanana ara-bola tamin'ny Banky Iraisam-pirenena ny ekipan'ny Minisisteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola izay tarihan-dRamatoa Minisitra RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo sy ny ekipan'ny Banky izay tarihan'Andriamatoa Solontena Maharitra Atou SECK.

Niompana tamin'ny famoaham-bola faharoa amin'ny fanohanana mahakasika ny fitomboana ara-drariny sy maharitra na « Madagascar Equitable and Resilient Growth 2 (MERG 2) » ity fivoriana ity.

Marihina fa mizara telo ny fanampiana ara-bola omen'ny Banky iraisam-pirenena. Amin'izao fotoana izao, dia efa eo am-panomanana ny dingana famoahana ny vola faharoa isika.



# Programme AFAFI-NORD : L'Europe toujours aux côtés de la Grande Ile

**Antananarivo, 06 Février 2025**

Dans la perspective de développer l'impact du programme AFAFI NORD sur sa zone de couverture qui sont les Régions d'Analanjirofo, SAVA et DIANA, les membres de son comité de pilotage se sont réunis pour établir une stratégie afin d'améliorer les conditions de vie des ménages vulnérables.

Il convient de rappeler que depuis l'existence de ce programme, de nombreux projets ont déjà été réalisés, telles que la construction et la rénovation d'infrastructures agricoles, l'amélioration du système de production et la création d'emplois générateurs de revenus. Les femmes et les jeunes en sont les premiers bénéficiaires afin de renforcer leur responsabilité et leur participation dans le domaine du travail qui contribue de facto au développement ainsi qu'à la préparation aux défis économiques et climatiques.

## Vondrona Eoropeana : Mitohy ny fanohanana an'i Madagasikara

***Antananarivo, 06 Febroary 2025***

Anatin'ny tanjon'ny fandaharan'asan'ny AFAFI NORD ao amin'ny BACE (Bureau d'Appui à la Coopération Extérieur) izay rantsamangaikan'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ny fanatsarana ny farim-piainan'ireo tokantrano marefo eny amin'ny Faritra Analanjirofo sy SAVA ary DIANA.

Nisy arak'izany ny fivoriana niarahan'ireo mpikambana ao amin'ny Komity mpitantana ny fandaharan'asa. Ka tanjona ny hampitomboana ny fiantraikan'ireo fandaharan'asa mivantana any amin'ireo tokantrano marefo tena mila fanampiana, izay mifanaraka amin'ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana.

Tsiahivina fa efa maro ireo tetikasa efa vita, toy ny fanamboarana sy ny fanavaozana fotodrafitrasa ara-pambolena, sy ny fanatsàrana ny rafi-pamokarana, ary ny famoronana asa mitondra fidiram-bola. Ireo Vehivavy sy tanora no misitraka voalohany izany fanampiana izany ho fanamafisana ny andraikitra sy ny fandraisan'anjaran'izy ireo eo amin'ny sehatry ny asa, izay singa iray ho amin'ny fampandrosoana sy ho fiomanana amin'ireo fanamby ara-toekarena sy miantraika amin'ny toetrandro, izay laharam-pahamehana eto amin'ny firenena. .